FIOMPIANA GANA MIFAHA

FANANDRAMAN'NY VONDRON'NY MPAMOKATRA IRAY ETO MADAGASIKARA

Daty ny fanandramana	*1997 - 2003*
Nanao ny fanadramana	*Vondron'ny mpamokatra aty matavy ao Mangarivotra (GPFGM)*
Mpiara miasa	*Maison du Petit Elevage*
Faritra geografika	*Madagasikara, Ivato, Mangarivotra*
Teny ho tadidiana	*aty matavy, gana, vondron'ny tantsaha, fiompiana*
Mpamaky kendrena	*vondron'ny tantsaha, mpanentana eny ambanivohotra, mpamatsy ara-bola,..*

Famintinana

Ny vondron'ny mpamokatra aty matavy ao Mangarivotra (GPFGM) dia fikambanana niforona tamin'ny taona 1996. Fikambanana ivondronanan'ireo mpiompy sy mpamaha vorona tao amin'ny orin'asa BEKA taloha. . Na dia teo aza ireo tetik'asa-pitantanana sy ireo fanampiana noraisiny nadritra ny dimy taona, dia mitsilopilopy ny fikambanana amin'izao fotoana izao..

Zava-misy

Anisan'ny toerana mpamokatra aty matavy eto Madagasikara ny faritry Ivato. Manana traikefa amin'ny fiompiana akoho amam-borona io faritra io. Tombony ho an'io faritra io amin'ny famarotana ny vokatra ny toerana manakaiky ny renivohitra sy ny mpanodina.

Tamin'ny taona 1993, fotoana nitsanganan'ny orin'asa BEKA no nanombohan'ny famahanana gana tao amin'io faritra io. Zana-borona avy any Frantsa no nompiasain'ny orin'asa ary nomena an'ireo mpiompy manodidina hafahy. Mba nahafahany nandray indray ireo gana mifaha dia ny orin'asa ihany no nanara-maso ara-teknika ny famokarana sy namatsy ny akora hamahanana.

. Tamin'ny taona 1995, dia nahatratra 7 000 isaky ny 3 herin'andro ny gana mifaha novonoin'ny orin'asa BEKA.

Nikatona anefa ny orin'asa BEKA tamin'ny taona 1995. Mpiompy sy mpamaha eo amin'ny efa-polo eo no nanampan-kevitra ny hanohy ny asa tamin'ny alalan'ny fampiasana akora novidiana teto an-toerana. Nivondrona tao anaty fikambanana izy ireo.

Tany amin'ny tsena eropéana no nanondranana ny aty matavy malagasy talohan'ny taona 1997. Ny tsena teto an-toerana dia tsy nisy afa-tsy ireo hotely sy trano fisakafoanana lehibe ary ireo vahiny nipetraka an-drenivohitra. Mbola tsy manana fahalalana firy tamin'ny fomba fikarakarana sakafo vita avy amin'ny gana sy tsy mbola nahafantatra ny aty matavy loatra ny malagasy tamin'izany.

Tamin'ny taona 1997, vokatry ny aretina (charbon bactérien) nahazo ny omby, dia tsy nahazo nahondrana tany amin'ny tsena eropéana ny hena avy eto Madagasikara. Mbola tsy afaka manondrana hena isika hatramin'izao, indrindra fa ny vokatra vita amin'ny gana noho ny tsy fisian'ny fanaraha-maso tanteraka sy ny fiantohana fahasalamany ny lalam-pamokarana. Noho izany maro ny sakana mianjady amin'ny lalam-pihariana aty matavy ka miteraka ny olana eo amin'ireo mpandraraha :

- mihidy ny tsena ivelany, manana olana eo amin'ny fivarotana ny vokatra ireo mpanodina sy ny mpivarotra noho ny fahakelezan'ny filan'ny varotra eto an-toerana. Mba tsy ahafaty antoka azy ireo dia akora mora no

entina amahanana ny gana. - tsy ampy ireo akora ampiasaina toy ny zana-borona sy ny katsaka izay foto-tsakafony. 6 – 7 andiany ihany no afaka ataony indray satria voatery tsy maintsy miandry ny fandoavam-bola avy any amin'ireo mpandray ny vokatra ireo mpiompy. - vokatry ny fahambanian'ny famarotana ny akora dia voatery mampihena ny fikarakarana ny gana ireo mpiompy, noho izany dia tsy tratra ny fahatsaran'ny vokatra takiana amin'ny famokarana (akora tsy vita vakisiny, mahia, ..)

Ny olana

Sahirana ara-pivelomana ny ankamaroan'ireo mpikambana, akoatra izany ny tsy fananany tany volena. Hatramin'ny nahatongavan'ny orin'asa BEKA, dia ny famahanana gana no fidiram-bolan'ny mpikambana ao amin'ny GPFGM.

Ny disadisa ateraky ny olana ara-barotra (fahataran'ny fandoavam-bola, fibodoana ny vidim-bokatra) sy ny fahalafosan'ny akora (zana-borona sy ny katsaka) dia mametra ny fahafahana mamokatra tsara sy betsaka.. Maro tamin'ireo mpikambana no lasa niompy akoho faka-nofo na niasa any amin'ireo orin'asa afakaba manodidina.

Tsy afaka mindram-bola amin'ny banky ireo mpikambana. Ireo mpampindram-bola toy ny CECAM ihany no afaka miasa eny ambanivohitra. Anisan'ny fepetra nahafahana nindram-bola ny fidirana ho mpikambana. Tsy afaka mindram-bola ny mpikambana iray raha mbola tsy voaloha ny trosan'ny mpikambana teo aloha. Tsy voafehin'ireo mpikambana anefa izany tetik'asa-pitantanana izany.

Ny asa natao

Fahaiza-manao maro no netin'ny fikambanana hamahany ny olana :

- Fanantonana ny toerana misahana ny fiompiana (Maison du petit élevage tamin'ny taona 1997) mba ahazoana fanampiana (fampihofanana ara-teknika, fahazoana vaovao, fifandraisana amin'ireo mpandraraha hafa toy ny mpiompy akora sy ireo mpamatsy katsaka …).Akoatra ny fanampiana ara-teknika, dia nahazo fanampiana ara—bola mba hividianana katsaka koa ny fikambanana tamin'ny taona 2002;

- mifanampy ireo mpikambana

Vokatra azo

Tsy nahafahana nampivohatra ny lalam-pihariana aty matavy tao amin'ny faritra ny tetik'asa mampiharin'ny fikambanana GPFGM. Tsy voavaha hatramin'izao ireo disadisa nisy teo amin'ireo mpandraraha. Nihena ny isan'ireo mpamahana gana. Mbola mividy akora ihany ireo mbola manohy ny fahana fa tsy manana mpandray vokatra. Mihezaka ny mitety toeram-pisakafoanana sy toeram-pivarotana lehibe ireo mpiompy mba hamarotany ny vokany.

Lesona azo tsoahina sy ny ho avy

Tsy nahafahany nanatratra ny tanjona nokendreny ireo tetik'asa netin'ny fikambanana satria :

- maro ireo olana tsy voavaha. Voafetra hatreo amin'ny fanatsarana ny teknika-piompiana sy ny fandrindrana ny fifandraisana ny samy mpandraraha ny fampivoharana natao, , nefa ny tena sakana dia ny eo amin'ny tsena.
- - olana ihany koa ny fandrindram-pitantanana misy eo anivon'ny fikambanana. - olana eo amin'ny fampindramam-bola, izay tsy ahafahan'ny mpikambana mifantoka lalina amin'ny fividianana katsaka sy ny akora.
- ny kirizy politika tamin'ny taona 2002.

Antony iray mahatonga ny tanjaky ny mpanodina ihany koa ny fahamaroan'ny mpamaha no sady mpamboly ka ny zezika no tena ilainy..

Fihovana sehatra sy ny fijery ara-politika

Tsy ahafahan'ny lalam-pihariana aty matavy mivoatra ao anatin'ny fotoana fohy ny olana mikasika ny fanondranana. Azo heverina ny fialana amin'ny tsy fahafanhana manondrana raha misy fiara-miasa matotra eo amin'ireo mpandraraha rehatra.

Sehatra mety hampivoatra ny lalam-pihariana aty matavy ihany koa ny fisian'ireo mpanjifa eo an-toerana.

Mety vaha-olana mahomby ny fanentanana ireo mpanjifa sy ny fikarohana ireo fepetra hialana amin'ny tsy fahafahana manondrana hena. Fanentanana mety hampitombo ny filàna eto an-toerana amin'ny fampahafantarana ny vokatra vita amin'ny gana sy ny fomba fikarakarana azy.

Nasiana fanamboarana eo anivin'ny fikambanana GPFGM. Natsangana ny fikambanana iray vaovao AINGA MIARAKA ho an'ireo mbola manohy ny famokarana aty matavy.. Tanjon'ny tetik'asa voalohany ny famarotana ny vokatra tsy misy mpanelanelana sy mba hialana amin'ny fibodoana apetraky ny mpanodina. Mitady fanampiana ara-teknika sy ara-bola ny fikambanana.

Notsoahina avy amin'ny : Fiche AGRIDOC : ‘’*L'élevage de canard gras , Expérience d'un groupement de producteurs à Madagascar* ‘’ - Feno ANDRIAMANALINA – CITE, 2003

Nandika : RALAMBOHARISOA Lalaina Hobisoa – CITE, 2004